# FANAMBARÀN'NY FIRAISAMONIM-PIRENENA

## ANTSO HO AN'NY MPITONDRA NY FIRENENA AMIN'NY FANAJANA NY ZO SY FAHAFAHANA FOTOTRA : MITENY SY MANEHO-HEVITRA




**Anio, 14 aprily 2026**

Mandritra izao fikaonandoham-pirenen'ny tanora tanterahina eto Antananarivo izao, ny **Firaisamonim-pirenena** manao sonia ity fanambaràna ity dia **manameloka ny fisamborana an-keriny sy tsy ara-dalàna natao tamin'ireo tanora nanao fihetsiketsehana,** nitondra ny feon'ny tanora ny zoma 10 aprily lasa teo teny Ambohijatovo, ka miteraka disadisa sy fifandonana ara-tsosialy. Tsikaritray ihany koa ny fihenan'ny fanajana ireo hevidehibe nekena momba ny zo sivily sy politika.

Ny firaisamonim-pirenena dia maneho ny ahiahiny lalina manoloana ireo toe-javamisy ireo. Manana adidy izahay hampahatsiahy fa **« Zo tsy azo lavina ny fahalalahana miteny sy ny fahalalahana maneho hevitra an-dalambe »**, ho fiantohana ny fahafahan'ny Olompirenena tsirairay hiteny an-kalalahana. Ireo foto-kevitra ireo no iorenan'ny demokrasia rehetra — mifototra amin'ny etika, ny fahalalahana miteny sy maneho hevitra, ny rariny ary ny firaisam-pirenena.

Mahita izahay fa mihamaro indray ny fampiasana ny fiampangana hoe **"fanohintohinana ny filaminam-bahoaka".** Izany fomba mamohehatra izany, izay indrisy fampiasan'ny fitondrana teo aloha izay nesorina teo amin'ny toerany, dia tsy tokony ho lasa fitaovana fampiasa amin'izao fotoanan'ny fanavaozana izao. Ny famerenana izany fomba izany dia manimba ny fifampitokisana amin'ny fanovana rehetra.

Mba hitandrovana ny fiandrianam-pirenena, ny firaisamonim-pirenena dia mitaky ny mangarahara bebe kokoa amin'ny fitantanana ny raharaham-panjakana, mba hampihena ny ahiahy momba ny fitsabahan'ny hery ivelany. Ny fisian'ny **mangarahara ihany no afaka mametraka fitokisana.** Mampahatsiahy ihany koa izahay fa efa natolotra ny Antenimierampirenena tamin'ny **Novambra 2025 ny volavolan-dalàna momba ny fahazoam-baovao ho an'ny daholobe.** Ny tsy fandaniana io lalàna io amin'ny fotoam-pivoriana May 2026 dia midika indray eo imason'ny besinimaro ny tsy fahamendrehen'ity andrim-panjakana ity.

Miantso ny manampahefana ihany koa izahay mba hanafoana ny tsy fifampitokisana miseho amin'izao fotoana izao, amin'ny alalan'ny fampitsaharana ireo famerana tsy ara-drariny ny sehatra fanehoan-kevitra sy fametrahana rafitra tetezamita mirindra ary mampandray anjara ny rehetra.

Mampahatsiahy izahay fa tsy tokony ho ampiasaina ho fitaovana amin'ny ady tsy azy akory ny tanora. Iarahana manaiky fa hery ara-tsosialy manan-danja, mitondra fanantenana, fanavaozana ary firaisam-pirenena izy ireo. Noho io antony io, lavinay ary tsy azo ekena ny tetikady rehetra mikendry ny hampisaraka, hanararaotra, hanao fitaovana na hampiasa ny tanora amin'ny fomba tsy mendrika, satria manohintohina mivantana ny fahamarinan-toerana sy ny filaminan'ny fiarahamonina.

Noho izany, dia miantso ny Tomponandraikitra izahay :

- **Ny Hamotsorana avy hatrany, tsy misy fepetra ireo tanora mpanao fihetsiketsehana, izay naneho hevitra am-pilaminana, mifandraika amin'ny andrasana amin'ny maha tanora azy ao anatin'ny dingana fanavaozan'i Madagasikara ;**
- **Ny Hanajana tanteraka ny Zo fototra ataon'ny manampahefana sivily sy miaramila amin'ny fitantanana ny toe-draharaha manahirana ankehitriny eto amin'ny firenena ;**
- **Ny Hametrahana sehatra fifampiresahana ofisialy, ahafahan'ireo Mpisehatra rehetra, indrindra ny fikambanan'ny tanora, haneho amim-pilaminana ny heviny, handroso ny soso-keviny sy ny fijeriny, ao anatin'ny fanajana ny firaisankina sy ny tsy fampiasana herisetra ary ao anaty ny firaisam-pirenena.**

Amin'izao vanim-potoana izao no hilàn'ny tanora malagasy tari-dalana, ohatra fakantahaka ary sehatra fanehoan-kevitra ho amin'ny tombotsoa iombonana, ho fiantohana ny fahafahany mandray anjara feno amin'ny fiainam-pirenena.

Les signataires :

- Mouvement ROHY
- Observatoire de la jeunesse
- SAPHIRD (Socle d'Appui pour les Personnes Handicapées Inclusif dans le Respect des Droits)
- Réseau Malgache du Handicap
- MSIS TATAO
- FTMF
- CCOC
- ONG IVORARY
- PFNOSCM
- Association JOHARY
- Association TATAMO
- COJEAA
- FISEFI
- PNOSCPBM
- Coalition des OSC Magnarigny
- YMCA Madagascar
- Move on Androy
- CDRP
- Vohifiraisana Analamanga
- PSBED
- TNMF
- GMOM
- BIMTT
- T. M. T. Antsirabe
- Association Mitsinjo Arivonimamo
- Fihaonantsoa Ambalavao
- Obs Mada Ihorombe
- FI za ra Befotaka sud
- PCDDBA région Ambatosoa
- Transparency International Initiative Madagascar
- FTMF Andramasina
- ONG TOLOTSOA
- Dinika sy Rindra ho an'ny Vehivavy DRV
- KMF/CNOE
- Association FoRCHES

- Sehatra Iombonana ho an'ny Fananantany SIF
- Alliance Voahary Gasy AVG
- SAF/FJKM
- Association AJMAF Farafangana
- Association Jeunes Promoteurs en Tourisme Durable Farafangana
- Réseau des Jeunes Obs Mada Atsimo Atsinanana
- Association Jeunes Miara-Miasa Farafangana
- Plateforme des Jeunes MAROANDAVAKA Atsimo Atsinanana
- Association Sportive JSM Farafangana
- FITAHAFA ANKAZOABO
- FITERIM Ikongo
- Réseau des jeunes OBS Mada Betsiboka
- FIANTSO
- YC Madagascar (Y-CONNECT) Fitovinagny
- Association RJDL
- AJAPM (Association de Journaliste et des Animatech Privé Manakara)
- PFROSC SAVA
- SAVA REPORTERS
- ONG GTM
- ONG 3A
- PFROSC AMBATOSOA
- PFROSC ALAOTRA MANGORO
- PROSC VAKINANKARATRA
- PFROSC DIANA
- Association TAVANDRA DIANA
- PFROSC Askagny Atsimo Atsignana
- PFROSC MELAKY (RAFIA)
- Plateforme Hery Miray
- Rodoben'ny vovonan'ny firaisamonimpirenena misehatra amin'ny fananantany
- PFROSC VATOVAVY Loharangitra
- PFROSC Atsimo Andrefana
- Fikambanana ART Malagasy Mahajanga (Avoaka ka Raketiko ny Talenta Malagasy)
- Haja vao
- FOCUS DEVELOPMENT ASSOCIATION FDA